Ny herin' Andriamanitra sy ireo asa mahagaga

Ny herin' Andriamanitra sy ireo asa mahagaga

Marc Allovon

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

Fizahan-Takila >

ISBN : 978-2-87907-383-5
La puissance de Dieu et les miracles
Couverture, photo : Paul Jacquin

1. Avy amin'ny fiandohana ka hatramin'i Kristy **5**

2. Ny fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra **8**

Inona no tanjon'ireny asa mahagaga nataon'Ilay Zanak'Andriamanitra ireny? 9

3. Ireo asa mahagaga taorian'ny fitsanganan'i Kristy **13**

4. Ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana mahagaga **17**

5. Ny vanim-potoana ankehitriny **20**

6. Fampitandremana **26**

1. Avy amin'ny fiandohana ka hatramin'i Kristy

« Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany »[1].
«Satria izay fantatra ny amin'Andriamanitra dia miseho... Fa ny fombany tsy hita dia ny heriny mandrakizay sy ny maha Andriamanitra Azy dia miseho hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin'ny zavatra nataony ; ka dia tsy manan-kalahatra ireo »[2].

Ny asa mahagaga nataony tamin'ny fahariana no nisehoan'ny herin'Andriamanitra tsy hita fetra voalohany indrindra. Ny famaritana ny anjara andraikitr'ireo olombelona tsy te hanaiky ny Mpahary azy, no vokatra nentin'izany fisehoan'ny herin'Andriamanitra tao amin'ny fahariana izany. Mifanohitra amin'izany kosa, nino an' Andriamanitra ireo olon'ny finoana, toa an-dry i Abrahama fahiny, na tsy nisy fahagagana aza. Tonga vavolombelona nanambara Azy, ireny olon'ny finoana ireny. Aoka isika hanahaka ny finoan'ireny vavolombelona ireny. Meteza ho resy lahatry ny maha Andriamanitra mahery an'Andriamanitra. Itokio tanteraka fa : « izay

---

1. Genesisy 1.1 • **2.** Romana 1. 19, 20

nolazainy dia hainy hatao koa »[3]. Tsy hahay hipetraka amin'ny toerana misy azy manoloana an'Andriamanitra mihitsy ny olombelona, raha tsy manana izany fandresen-dahatra izany. Ny fahatsapana fotsiny an'io herin'Andriamanitra io dia efa ampy hanekentsika ny maha tsinontsinona antsika, ary hitarika antsika ho amin'ny fibebahana, tahaka izay nataon'i Joba[4].

Niditra an-tsehatra Andriamanitra, taty aoriana, raha nitantana ny vahoaka Isiraely nivoaka an'i Egypta Izy. « Famantarana sy fahagagana lehibe sady mandoza tamin'ny Egyptiana »[5] no nampiasainy tamin'izany. Izany no nataony hanaporofoana fa Izy tokoa no naniraka an'i Mosesy ho amin'izao asa izao. Izany no nosafidiny ampiasaina handresen-dahatra an'i Farao tsy hiziriziry amin'ny fandavana an'Andriamanitra. Niziriziry hatramin'ny farany anefa i Farao, ka izany no nahatonga ny fahalevonany, dia izy sy ny miaramilany.

Niseho indray i Jehovah, rehefa izany, ka nanolotra an'i Mosesy ny lalàna, nomban'ny fanehoany ny voninahiny tamin'ny fomba mampihorohoro, tao an-tendrombotra Sinay. Niara-dalana tamin'izany koa ireo asa mahagaga marobe nataony tany an'efitra. Izany no tsy

---

3. Romana 4. 21 • **4.** Joba 42. 1-6 • **5.** Deoteronomia 6. 22

maintsy hilazany hoe: « Mandra-pahoviana no hamotsifotsian'ity firenena ity Ahy ? Ary mandra-pahoviana no tsy inoany Ahy noho ny famantarana rehetra izay nataoko teo aminy ? »[6].

Naniraka an'ireo mpaminany, toa an-dry i Elia sy ry i Elisa, Izy, tamin'ny farany. Fahagagana lehibe no nampombany azy ireny, mba hampitodihana an'ireo vahoaka Isiraely latsaka tao anatin'ny fanompoan-tsampy hiverina aminy. Saingy tsy niverina taminy ireo vahoaka ireo, eny fa na niantsoantso aza izy ireo teo ampahitana an'ilay afo nalatsak'Andriamanitra avy an-danitra, indray maka, nanao hoe: « Jehovah, Izy no Andriamanitra ! »[7].

Lasan-ko babo àry ny Isiraely sy ny Joda, noho ny hamafisam-pony. Notairin'i Jehovah ny fanahin'ireo olom-bitsy, taty aoriana kely, mba hitondra an'ireo vahoaka hiakatra hiala an'i Babylona. « Izay voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy lehilahin'Andriamanitra »[8] no nitarika azy ireo, nanomboka teo. Ny herin'Andriamanitra no niaro azy, eny fa na tsy nisy asa mahagaga natao ho hitan'ny mason'izy ireo aza.

---

6. Nomery 14. 11 • **7.** 1 Mpanjaka 18. 39 • **8.** Ezra 3. 2, sns

2. Ny fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra

« Amin'izao andro farany izao no nampitenenany (Andriamanitra) tamintsika ny Zanany... Izy no nahariany izao tontolo izao »[9]. *« Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika »*[10].

Fahagagana toy inona moa no afa-mitaha amin'ny fahatongavan'Ilay Mpahary Izy tenany tety ambonin'ny tany? Naka endrik'olombelona Izy ka namangy ny olony, mba hitady sy hamonjy ny very.

Manaporofo ny fananan'Ilay Zanak' Andriamanitra ao aminy ny herin'ny Mpahary, sy ny maha Tompon'ny zavatra rehetra Azy, ny sasantsasany tamin'ireo fahagagana nataony. Baikoiny ny rivotra sy ny ranomasina, dia manaiky Azy ireny. Didìny ny trondro hitondra vola ho Azy, dia tò tokoa izany. Fanehoana ny hatsaram-pony kosa ireo fahagagana sasany. Asa fanasoavana izay mitondra fanafahana, ho an'ireo mila izany, no nataony. Novokisany ny olona marobe tany an'efitra, nositraniny ny marary, nampahiratiny ny jamba, nodioviny ny

9. Hebreo 1. 1, 2 • **10.** Jaona 1. 14

boka. Ary ny tena fanehoana fara tampon'ny maha Andriamanitra Azy : nanangana ny maty Izy !

Inona no tanjon'ireny asa mahagaga nataon'Ilay Zanak'Andriamanitra ireny ?

– Hanaporofoana fa eo tokoa Andriamanitra, araka ny ambaran'ny teny any amin'ny Eksodosy 15. 26 : « Izaho no Jehovah izay mahasitrana anao », sy ny Salamo 103. 3 : « Izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra ». Hitantsika ao amin'ny Lioka 5 ny akon'izany : nahatsapa tao am-pony i Petera fa « olo-meloka » (and. 8). Tonga teo anatrehan'ireo mpisorona ny fijoroana vavolombelona fa tonga mamangy ny olony tokoa Jehovah (Izy irery ihany mantsy no mahay manadio ny boka) (and. 14), ary manana fahefana hamela heloka io Lehilahy iray mpanasitrana io, dia ny Zanak'olona, ety an-tany (and. 24).

– Hanamaivanana ny fahantran'ny olombelona sy haneho ny indrafon'Andriamanitra amin'ireo voariny, izay tataovan'ny vokatry ny fahotany.

Indrisy anefa, nolavin'ny olona izany fijoroana ho vavolombelona izany. Voalaza ao amin'ny Jaona 2. 23-25 fa maro no nino an'i Jesoa, noho ny fahitana ny asa mahagaga nataony. Tsy natoky

ny finoan'ireo olona ireo anefa i Jesoa ! Fantany tsara mantsy ny toe-pon'ny olombelona sy izay tena any anatiny lalina any. Fantany tsara fa tsy avy amin'ny zavatra hita akory ny finoana fa « avy amin'ny toriteny – izany hoe avy amin'ny zavatra re, ary ny toriteny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy »[11]. Tsy voatery hiteraka ny tena finoana marina ny fahitana asa mahagaga : ny Teny no tsy maintsy raisina ao am-po mba hitarika ho amin'ny fibebahana, ka hanekena an'Ilay Iray izay mitondra ny famonjena.

Raha avy amin'ny zavatra hita mantsy ny finoana dia tsy hanao afa-tsy ny hanontany ny olona hoe : « Inona no famantarana asehonao aminay ? »[12]. « Inona àry ny famantarana ataonao mba ho hitanay ka hinoanay anao ? »[13]. « Mpampianatra ô, ta hahita famantarana avy aminao izahay »[14]. Teny maro hafa mitovy amin'izany no entin'ny olona hanaronana ny hamafisam-pony sy ny fiziriziriany amin'ny tsy finoana, ka mahatonga ny Tompo tsy maintsy milaza fa : « tsy hety hino izy na dia misy mitsangana amin'ny maty aza »[15].

Zary nanasongadina ny adidy aman'andraikitr'ireo tsy nino, ireo asa mahagaga nataon'ny

---

11. Romana 10. 17 • **12.** Jaona 2. 18 • **13.** Jaona 6. 30 • **14.** Matio 12. 38 • **15.** Lioka 16. 31

Tompo. Rehefa nahatsapa mantsy izy ireo fa « iny lehilahy iny dia manao famantarana maro », dia niray saina hamono Azy ry zareo[16].

« Nefa na dia nanao izany famantarana betsaka izany teo anatrehany aza Izy, dia tsy mba nino Azy ireo »[17].

« Raha tsy nataoko teo aminy izay asa tsy nataon'olona, dia tsy nanan-keloka izy. Fa ankehitriny efa hitany sady efa halany aho sy ny Raiko koa »[18].

Mifanohitra amin'izany kosa, ireo olona sasantsasany nandray tsara ny fijoroana vavolombelona nataon'i Jaona mpanao batisa mikasika an'i Jesoa, dia afaka nilaza nanao hoe : « I Jaona tsy mba nanao famantarana, nefa izay rehetra nolazainy ny amin'ity Lehilahy ity dia marina avokoa. Ary maro no nino Azy teo »[19].

Toran-kovitra ireo mpiambina, ka tonga toy ny maty, nanoloana ny horohoron-tany sy ny anjely namirapiratra, tamin'ny fotoana nahatanterahan'ilay fahagagana fara tampony. Tsy inona io fahagagana fara tampony io fa ny nitsanganan'Ilay nohomboana tamin'ny hazofijaliana, niala ny fahafatesana. Tsy nisy fahagagana nanaitra azy ireo indrindra toy ny

---

16. Jaona 11. 47 • **17.** Jaona 17. 37 • **18.** Jaona 15. 24 • **19.** Jaona 10. 41, 42

tamin'ity indray mitoraka ity ! Notateriny tany amin'ny mpisoronabe izany zava-mahagaga izany. Notambazan'izy ireo vola anefa ireto mpiambina mba hanao izay inoan'ny olona fa ny mpianatra no tonga nangalatra ny faty. Marina tokoa, tsy nino izy ireo na nisy olona nitsangana tamin'ny maty aza !

3. Ireo asa mahagaga taorian'ny fitsanganan'i Kristy

Nirahin'i Jesoa ireo mpianany taorian'ny nitsangananany tamin'ny maty. « Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, hoy Izy, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra... Izao famantarana izao no hanaraka izay mino : hamoaka demonia amin'ny anarako izy, hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy, handray menarana izy, ary na dia hisotro zava-mahafaty aza izy dia tsy hampaninona azy izany, hametra-tanana amin'ny marary izy dia ho sitrana ireny »[20]. Tanteraka ara-bakiteny izany, rehefa nakarina tany an-danitra ny Tompo : « Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy »[21].

Voalaza mazava ny tanjona amin'ireo famantarana sy asa mahagaga maro, izay tsy maintsy ho tanteraka : « hanamafy sy hanamarina an'izay voalazan'ny tenin'Andriamanitra ». Nanomboka « niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy »[22], ireo mpianatra, tamin'ny andron'ny Pentekôsitra. Samy naheno azy ireo nilaza ny

---

20. Marka 16. 15-18 • **21.** Marka 16. 20 • **22.** Asa 2. 4

amin'ny zava-mahagaga nataon'Andriamanitra, tamin'ny fitenin'izy ireo avy, ireo Jiosy avy any amin'ny firenen-tsamy hafa. Izany no fahasoavana manokana nomena, mba handrenesan'ireo vahoaka jiosy nielipatrana tany amin'ny firenena jentilisa ny hafatra mikasika ny famonjena. Niombona tamin'ny didy navoaka ho an'ireo olona nanorina ny tilikambon'i Babela, ao amin'ny Genesisy 11, izy ireo : niteny tamin'ny fiteny samy hafa ny olona. Maneho ihany koa ny fitateran'ny 1 Korintiana 14. 21 ny teny notsoahina tany amin'ny Isaia 28 fa manambara ny tsy finoan'ireo vahoaka ireo ny fahatanterahan'io faminaniana io : « Fa na dia amin'izany aza dia tsy hino Ahy izy, hoy Jehovah ».

Hafatra mahafinaritra sy vaovao mahafaly avy amin'Andriamanitra ny filazantsara. Nankininy tamin'ireo apôstôly ny fitondrana izany vaovao mahafaly izany. Natao ho fanaporofoana ihany ny maha avy amin'Andriamanitra marina tokoa ny asa ataon'izy ireo, ireo fahagagana. Ampiasain' Andriamanitra izy ireny mba hanokatra ny varavarana hidiran'ny filazantsara any amin'ireo Jiosy, any amin'ny Samaritana, ary any amin'ny Jentilisa. « Tamin'ny tanan'ny apôstôly no nanaovana famantarana sy fahagagana maro teo amin'ny vahoaka », tany Jerosalema, « ary vao mainka nisy olona maro koa, na lahy na vavy, izay

nino ny Tompo nanampy ho isany »[23]. Tany Samaria indray, « ny vahoaka... nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony »[24]. Tany Azia, « nandre ny tenin'ny Tompo... na Jiosy na Jentilisa. Ary ny tanan'i Paoly no nanaovan'Andriamanitra fahagagana lehibe maro »[25].

Hoy ireo mpitarika ny vahoaka, taorian'ny fahagagana voalohany natao tamin'ny alalan'i Petera : « Efa nanao famantarana malaza tokoa izy... ka tsy azontsika lavina... Aoka horahonantsika izy mba tsy hiteny amin'izany anarana izany intsony »[26]. Hilaza koa i Paoly, fotoana fohy aty aoriana, hoe : « ny famantarana maha apôstôly ahy dia natao teo aminareo tokoa tamin'ny faharetana rehetra, tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe »[27]. Hitantsika indray eto fa natao hanamafisana ihany ny adidy aman'andraikitra amin'ny fandraisana ny asa nanirahana ny apôstôly ireo zavatra ireo. Ny teny izay nampilazain'ny Fanahy ho azy ireo no hery niasa tao anatiny, fa tsy ireo fahagagana, araka izay ambaran'ireto teny hotanisaina manaraka ireto :

« Fa ny Jiosy mila famantarana ary ny Jentilisa mitady fahendrena, fa izahay kosa mitory an'i

23. Asa 5. 12-14 • **24.** Asa 8. 6 • **25.** Asa 19. 10, 11 • **26.** Asa 4. 16, 17 • **27.** 2 Korintiana 12. 12, ampitahao koa amin'ny Romana 15. 19

Kristy voahombo tamin'ny hazofijaliana, dia fahatafintohinana ho an'ny Jiosy ary fahadalana amin'ny Jentilisa fa amin'izay voantso kosa... dia Kristy izay herin'Andriamanitra sy fahendren' Andriamanitra »[28].

«Ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy avy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery, mba tsy hiorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany... Izany koa no lazainay, tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olona fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy, raha milaza zava-panahy amin'izay olona araka ny Fanahy izahay »[29].

«Ny filazantsara... herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino »[30].

«... Tsy noraisinareo ho tenin'olona, fa araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra izay miasa ao anatinareo izay mino koa »[31].

«Ekeo amin'ny fahalemem-panahy ny teny nambolena, izay mahavonjy ny fanahinareo »[32].

«Ary ankehitriny, izaho manolotra anareo ho amin'Andriamanitra sy ho amin'ny tenin'ny fahasoavany, izay mahay mampandroso sy manome lova anareo eo amin'izay rehetra nohamasinina »[33].

---

28. 1 Korintiana 1. 22-24 • **29.** 1 Korintiana 2. 4, 5, 13 • **30.** Romana 1. 16 • **31.** 1 Tesaloniana 2. 13 • **32.** Jakoba 1. 21 • **33.** Asa 20. 32

4. Ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana mahagaga

Nieboebo tamin'ny fananany an'ireo fanomezam-pahasoavana mahagaga ireo Korintiana, indrindra moa fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Tsy nihevitra mihitsy ny amin'ny asa nanirahana ny apôstôly Paoly izy ireo, eny fa na teo aza ireo famantarana sy fahagagana nanaporofo izany asany izany. Nampiasainy izany fanomezam-pahasoavana hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra nananany izany, tsy hanambarana ny zava-mahagaga ao amin'Andriamanitra, fa mba hisehosehoana eo imason'ny hafa. Toy ny olona adala sy very saina no ho fiheveran'ireo olon-tsotra azy ireo amin'izany[34], ka zary misakana ny fiasan'ny tenin'Andriamanitra ao am-pon'ny olona.

Miresaka an'ireo fanomezam-pahasoavana mahagaga ho anisan'ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra hanana ny toerany eo anivon'ny fiangonana ny apôstôly, ao amin'ny 1 Korintiana 12. 9, 10, 28. Mampitandrina fatratra an'ireto Korintiana ireto izy ny amin'ny fampiasana amin'ny tsy tokony ho izy an'ireny karazana fanomezam-pahasoavana ireny.

---

34. 1 Korintiana 14. 23

Nanafatrafatra izy ny tsy hitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra manoloana ny olona tsy mahazo azy ireny. Notenenin'i Paoly mafy mihitsy ireto olona ireto. Nanteriny fa tokony ho azon'izay rehetra manatrika eo, izay rehetra ambara mandritra ny fotoam-pivorian'ny fiangonana. Eny, tokony hahazo izany na ny olontsotra aza. Tsy tokony hisy olona hitory teny amin'ny fiteny tsy fantatra mihitsy, raha tsy misy olona hafa afaka ny handika izany.

Samy nandre an'ireo mpianatra nilaza ny zava-mahagaga ao amin'Andriamanitra « tamin'ny fiteniny avy », ireo Jiosy, tao amin'ny Asa 2. Tsy azo lazaina mihitsy ho fiteny hafa tamin'ireo izay nisy, araka ny ambaran'i Paoly eto hoe : « misy fiteny maro samy hafa amin'izao tontolo izao », ny fiteny tsy fantatr'ireto Korintiana ireto. Natao indrindra ho fanairana hiala lavitra an'izany toetsaina izany[35], ny filazana ny hoe « amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely » eo amin'ny 1 Korintiana 13. 1. Tsy misy tombontsoa azo mihitsy amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra manoloana an'izay rehetra vory ao ampiangonana. Haitraitra, izay feperan'ny apôstôly mazava sy imaso imaso, izany. Tsy hoe mamefy ny asan'ny Fanahy Masina akory ny apôstôly,

35. Ampitahao amin'ny andininy 2 sy 3

saingy anteriny kosa fa tokony ho amin'ny fampandrosoana hatrany no ampiasana an'ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy.

5. Ny vanim-potoana ankehitriny

Nilaina tokoa ny nanamafisana ny fitoriana ny filazantsara tamin'ny alalan'ireo famantarana sy fahagagana, tany am-boalohany. Tsy maintsy nilaina izany satria tsy mbola voarakitra antsoratra ireo teny nampitondraina ny apôstôly hotoriny. Tahaka izany koa no tsy maintsy nidiran'Andriamanitra an-tsehatra tamin'ny asa nanirahany an'i Mosesy, tamin'ny fotoanan'ny lalàna, ary tamin'ny fotoanandron'ireo mpaminany. Tsy maintsy nanao izany Izy ho fanaporofoana fa avy aminy avokoa na ny fanirahana an'i Mosesy, na ny lalàna, na ireo mpaminany.

Tsy hoe tamin'ny alalan'ny fanaovana asa mahagaga hatrany hatrany akory no nitantanan'Andriamanitra an'ireo vahoakany. Tamin'ny fotoana hitany fa nilàna izany ihany no nanaovany izany. Manao fahagagana Izy ho fanamarinana fa avy aminy tokoa ny asa ataon'ireo olona irahiny; manao izany Izy ho fampatongavan-tsaina an'ireo izay tsy mety mandray ny tenin'ireny olona irahiny ireny: toy izay nataon'i Mosesy nanoloana an'i Farao, ny nataon'i Mosesy nanoloana ny Zanak'Isiraely[36], i Elia sy i Elisa tany Isiraely.

---

36. Nomery 14. 22

Nohamafisina avokoa ny teny nampitondraina an'ireo apôstôly. Famonjena ho an'izay rehetra mino azy izany teny azy, ary zary fanamelohana kosa ho an'ireo mandà azy : « Hataontsika ahoana no fandositra raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika ? Dia ilay nampilazaina ny Tompo tamin'ny voalohany, ary nohamafisin'izay nandre tamintsika kosa, sady Andriamanitra koa no niara-nanambara taminy tamin'ny famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony »[37].

Tsy miova ny herin'Andriamanitra mandraka ankehitriny. Araka izay sitraky ny fony ihany anefa no anehoany izany, satria Andriamanitra masimandidy Izy. Maneho ny heriny Izy ho setrin'ny finoan'ireo izay mino Azy. Mbola natao ho antsika ankehitriny mihitsy koa ilay teny nampilazaina ho an'i Jeremia manao hoe : « Antsoy Aho dia hovaliako ianao »[38]. Mamaly ny vavaka asandratr'ireo olony amin'ny fomba mahagaga ny Tompo. Miasa amin'ny fomba mahagaga Izy amin'ny fisarihana an'ireo tsy mino avy any anatin'ny haizina ; miasa amin'ny fomba mahagaga Izy amin'ny fanafahana an'ireo

---

37. Hebreo 2. 3, 4 • **38.** Jeremia 33. 3

olony ao anatin'ny olana tsy ahitam-bahaolana intsony, raha hitany fa ilaina ny hanaovana izany. Hitoetra mandrakariva ho Ilay Iray « Izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza »[39], Izy.

Aoka isika hifoha ka hangataka amin' Andriamanitra, amim-pinoana sy amim-pitalahoana fatratra, mba hiasan'Andriamanitra amin'izany fomba mahagaga izany. Sahia mangataka aminy amim-paharetana, katsaho mandrakariva ny sitrapony, ary mivonona hanaiky izany sitrapony izany. Tamim-pinoana sy tamim-pitalahoana fatratra no nangatahan'i Paoly tamin'ny Tompo mba hanalana taminy ny aretina nahazo azy. Nanaiky tanteraka ny sitrapon'ny Tompo anefa izy raha novalina hoe : « Ampy ho anao ny fahasoavako ».

Saingy, zavatra hafa mihitsy kosa raha hoe ianao indray no ndeha handidy an'Andriamanitra hanao fahagagana, mba haha fanta-daza anao mpitory ! Andriamanitra no isaory raha toa Izy manaiky ny haneho ny heriny ho fanafahana ny olona amin'ny fahefàn'ny maizina, any amin'ireo toerana isan-karazany.

---

39. Efesiana 3. 20

Afaka manome ny fahaiza-manao ho an'ny olona anankiray Andriamanitra. Irahiny hitory ny filazantsara any amin'ny foko anankiray tsy mbola manana ny tenin'Andriamanitra voadika amin'ny tenin-drazany, io olona io. Ho vitan'io olona io ny hitory amin'ireo olona ireo na tsy iray fiteny amin'izy mpitory aza io foko io. Azony atao ny hahefa izany amin'ny alalan'ny asa mahagaga ataon'Andriamanitra tsotra izao, fa tsy tamin'ny fanaovana ezaka be tamin'ny fianarana ny fitenin'ireo olona ireo (tsy mbola nahita ohatra mivantana toy izany aloha izahay). Fa raha toa kosa ka hoe hihambo hitory ny tenin' Andriamanitra amin'ny fiteny tsy ho azon'izay hampitana azy akory, inona moa no katsahina amin'izany ?

Ho antsika ankehitriny, indro efa voasoratra ny teny, ary voamarina sy voaporofo. Ny teny no vavolombelona, fa tsy ny fahagagana. « Demetrio dia tsara laza amin'ny olona rehetra sy amin'ny fahamarinana koa, ary izahay koa manambara izany, ary fantatrao fa marina ny fanambaràna »[40].

«Amin'ny fanehoana ny marina no ideranay tena amin'ny fieritreretan'ny olona rehetra eo imason'Andriamanitra »[41]. «Mazotoa manolotra

---

40. 3 Jaona 12 • **41.** 2 Korintiana 4. 2

ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra dia mpiasa tsy mahazo henatra mizara tsara ny teny fahamarinana »[42].

Ary moa tsy voasoratra ao amin'ny 1 Korintiana 13 ve fa : « ny faminaniana dia ho levona... ny fiteny tsy fantatra dia hitsahatra... ny fahalalana dia ho foana » ? (and. 8). Manazava amintsika ny hevitr'io hoe « ho levona, hitsahatra, ho foana » io ny tohin'ny teny : « Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika, fa rehefa tonga ny tanteraka dia tsy hisy sombintsombiny intsony ». Ho avy ny tanteraka sy ny lavorary, hisolo toerana ny sombintsombiny sy ny tsy feno. Hitsahatra ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, eny fa na tsy voalaza aza hoe rahoviana no hitsaharan'izany.

Marina tokoa fa voalaza ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly sy ny epistily voalohany ho an'ny Korintiana, izay iray tamin'ireo epistily voasoratra voalohany (taorian'ny epistily ho an'ny Tesaloniana), ny amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ireo fanomezam-pahasoavana mahagaga samy hafa. Saingy, tsy manonona intsony an'io fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra io ireo epistily voasoratra taty aoriana.

42. 2 Timoty 2. 15

Ary raha nananatranatra mafy an'i Timoty i Paoly nanao hoe: « Mitoria ny teny, mazotoa na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra »[43], dia tsy nilaza mihitsy izy ny haniriana na ny hangatahana ny hisiana asa mahagaga hanindrina ny toriteny. Tsy miresaka mihitsy ny amin'ny fahagagana, na i Petera izay voalohany nampiasain'Andriamanitra hanao asa mahagaga aza, ao amin'ireo epistily nosoratany. Nohamafisiny kosa fa ny finoana niainan'ireo olon'Andriamanitra dia niorina tamin'ny: « tenin'ny Tompo maharitra mandrakizay. Ary izany no tenin'ny filazantsara izay notorina taminareo »[44].

43. 2 Timoty 4. 2 • **44.** 1 Petera 1. 25

6. Fampitandremana

Nilaza ny Tompo Jesoa fa tsy hahazoana antoka ny famonjena mihitsy akory ny fihamboana ho manana ny herin'Andriamanitra hahavitana asa mahagaga : « Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe : Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay ? Ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay ? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay ? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe : Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay, mialà amiko ianareo mpanao meloka »[45].

Aza hadinoina fa mbola milofo hatrany amin'ny fanaovana fahagagana mitovy amin'izay vitan'ny herin'Andriamanitra i Satana. Tsaroantsika, angamba, ny fahagagana nataon'ireo ombiasy tany Egypta ! Mampitandrina antsika ny apôstôly Paoly fa ny fiavian'ilay ratsy, ny Antikristy, dia « araka ny fiasan'i Satana amin'ny hery sy ny famantarana sy ny fahagagana mandainga rehetra, ary ny famitahana momba ny tsy fahamarinana ho an'izay ho very, satria tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy izy »[46]. Tsy ho tonga ny Antikristy

45. Matio 7. 22, 23 • **46.** 2 Tesaloniana 2. 9, 10

raha tsy hakarina ho any amin'ny Tompo aloha ny mpino. Saingy, « efa miasa tokoa ny hery miafin'ny fanaovan-dratsy »[47], ka mila mitandrina fatratra isika. Hitantsika ao amin'ny Apokalypsy 13 fa mahavita famantarana lehibe ilay bibidia. Voalaza ao amin'ny 16. 14 koa fa manao famantarana (na fahagagana) ny fanahin'ny demonia.

Ny herin'Andriamanitra lehibe, izay nomena antsika mba hamantarantsika ny asany mahagaga tao anatin'ny fahariana, no aoka hibahana ao an-tsaintsika. Ny herin' Andriamanitra, izay mampahafantantra antsika ny fitiavan-dalina nitiavany antsika, no aoka ho masaka an-dohantsika. Ekeo ary ifalio ny fahagagan-dehiben'ny fanavotana izay nanafahan'ny Ray antsika tamin'ny « fahefàn'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany »[48]. Mahareta amim-pinoana amin'ny fivavahana, satria « ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra »[49]. Aza manery an'Andriamanitra hanaraka izay sitraky ny fontsika anefa !

---

47. 2 Tesaloniana 2. 7 – DIEM • **48.** Kolosiana 1. 13 • **49.** Jakoba 5. 16

Boky hafa azonao vakina, mamahavaha ny lohahevitra mitovy amin'izay hitanao tato :

Parler en langues
G Steidl

Les guérisons par la prière, le don de langues, les signes et les miracles à la lumière des Écritures
H.L. Heijkoop

La nouvelle naissance, le baptême de l'Esprit, les dons spirituels
P. Oddon

NY HERIN'ANDRIAMANITRA SY IREO ASA MAHAGAGA

Amboaram-boky 10x15
ahitanao fanazavana tsotra
avy amin'ny Baiboly

Nahoana no navoaka izao amboaram-boky 10x15 izao ?

Natonta tamin'ny taratasy manify ireo boky, ary natao mitovy habe amin'ny valopy. Natao indrindra ho fampitomboana an'ireo mpamaky liana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ireo bokikely rehetra ho hitanao ato amin'ity amboaram-boky ity. Amidy amin'ny vidiny mirary tokoa izy ireny, ary mamaly an'ireo fanontaniana fametraky ny olona matetika, araka ny amalian'ny Tenin'Andriamanitra azy.

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70742